# 365Tantara

## 07. Ny lokanga!



# 07. Ny lokanga!

Indray andro, tamin'ny taona 1831, tao amin' ny trano
fanaovana lavanty iray tany Londres, dia natao lavanty ny
lokanga iray efa tonta sy maloto.

Nohamarinina fa avy any Crémone, any Italia izy io, 120 taona, ary namboarin' ilay olo-malaza atao hoe Stradivarius.

Nanomboka tamin'ny 10 Euros ny tombam-bidiny na-taon'ilay kaomisera mpanombana entana amin'ny la-vanty tonga
hatramin'ny 200 Euros ny ady varotra. Dia teo izy no nijanona !



- Dia hoy izy hoe jerenareo ity, 200 Euros ny fitaovana iray izay mitovy lanja @ volamena tena izy tamin'ny taona 1700, tena Stradivarius marina !

Toy ny tsy nisy anefa ny hezaka nataon'ilay kaomisera mpanombana entana amin'ny lavanty, rehefa tazana niditra tao anatin' ilay efitrano, ny olona iray nitafy akanjo velory, voasarika toy ny tamin'ny andriamby ary nanantona ny latabatra. Nandray ilay lokanga tamin'ny boaty fitoerany izy ary nandinika tamin'ny maso efa mpahafantatra. Noraisiny ilay fitendrena ny lokanga. Fahanginana tanteraka no niseho.

Olona maro izay nahafantatra azy no nibitsibitsika ilay anarana mahatalanjona hoe: Paganini Paganini !!



Nampangoritsina ny mpihaino ny mari-peo voalohany.Nanala satroka tahaka ny tany anaty trano fiangonana.

Betsaka no nilatsa-dranomaso, ny hafa toy ny velom-padihizana, ary ny sasany toran'ny hehy. Niova feon-kira matetika ilay mpanakanto. Raha nisy feon-kira an'ady, dia nitsangana toy ny handeha hiady ny tsirairay. Rehefa vita izany, dia napetrak'i Paganini tao anatin'ny boaty fitoerany ny lokanga. Teo dia nanomboaka ny feon'ny olona maro manao hoe : 250 Euros ! 260 Euros ! 270 ! 280 ! 290 ! 295 !  Ary tamin'ny farany, tamin'ny fitehafan'ny vahoaka, dia azon'ilay mpitendry mozika malaza 400 Euros ilay izy ! Ny fikasihin'I Paganini ilay lokanga fotsiny dia ampy nampiakatra be ny vidiny. Toy izany koa ho antsika tsirairay avy, rehefa ny Tompo Jesosy Kristy ilay mpamorona antsika no mikasika antsika ...



Ny hariva, dia niseho teo anoloan'ny vahoaka maro be niaraka tamin'ilay lokanga tonta vao avy novidiny i Paganini.

Ny fomba nitendreny ilay lonkaga dia niteraka hafaliam-be tamin'ireo mpihaino izay nitehaka sy nandoka azy.



Angamba tahaka ilay lokanga tonta fadiranovana, toy ny tsinotsinona ny fijerin'ny hafa sy isika antsika !
Nefa aoka hatoky isika ! Fa raha zanak'Andriamanitra, ka nanolotra ny tenantsika ho an' i Jesosy Kristy , dia ho hitantsika fa Izy no mpanakanto fata-daza izay afaka mampiasa antsika toy ny zava-maneno iray efa tonta, ka hitarika azy amin'ny hira fiderana avy any an-danitra ho voninahitr'Andriamanitra !